



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**NY BOKIN'I ZEFANIA**  
**LE LIVRE DE SOPHONIE**

Talata 05 janoary 2021  
Mardi 05 janvier 2021

**HO ANDRO FAHATEZERANA IZANY**  
**- CE SERA UN JOUR DE COLERE**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :**

« Efa antomotra ny Andro lehiben'Ny TOMPO : eny, efa antomotra sady mihafaingana indrindra » (Zef. 1, 14) - « *Le grand Jour de l'Eternel est proche, il est proche, il arrive très vite* » (Soph. 1, 14).

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) 406, 1-2 : Manenina aho, Ray masina ô :**

1. Manenina aho, Ray masina ô,  
Fa simba ny tsirin'ny aina  
Izay nambolenao tanatin'ny fo  
Dia lanin'ny ota ka maina.
2. Indrisy ny fahadisoako re  
Fa maro tsy tambo isaina,  
Kanefa, ry Tompoko, mba mamonje  
Ity ory, izay mitarina !

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

**Teksta 1 – Texte 1 : Zef. (Soph.) 1, 11-13 :**

11 Midradradradrà, ianareo mponina ao Maktesy fa ringana avokoa ny mpandranto rehetra : eny, lany ringana izay rehetra nivesatra volafotsy.

*11 Gémissiez, habitants de Macthesh, car le peuple des marchands est détruit, tous les peseurs d'argent sont supprimés.*

12 Ary amin'izany andro izany, dia hotsiloviko amin'ny jiro i Jerosalema, ka hovaliako ny olona izay efa lefy ao amin'ny faikany, dia izay manao anakampo hoe : « Sady tsy hanao soa Ny TOMPO no tsy hanao ratsy ». 13 Ka dia ho tonga babo ny fananan'ireny ary ho lao ny tranony. Dia hanao trano izy nefa tsy hitoetra ao, hamboly voaloboka izy nefa tsy hisotro ny divay avy aminy.

*12 A ce moment-là, Je fouillerai Jérusalem avec des lampes et J'interviendrai contre les hommes immobiles sur leur lie, ceux qui disent dans leur cœur : « L'Eternel ne fait ni bien ni mal ». 13 Leurs richesses seront pillées et leurs maisons seront détruites. Ils ont construit des maisons mais ils ne les habiteront plus, ils ont planté des vignes mais ils n'en boiront pas le vin.*

### **Fanamarihana 1 – Remarques 1 : Ny ozona hihatra amin'ireo izay nivadika tamin'Ny TOMPO – la malédiction qui s'appliquera à ceux qui se sont rebellés contre le SEIGNEUR**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mana-manjo - *pour les endeuillés*
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – *pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 405, 1-2 : Jesosy Kristy Tompo ô :**

1. Jesosy Kristy Tompo ô,  
Mba mamindrà fo e !  
Fa raha tsy hatoninao,  
Mahantra aho re !
2. Mifona sy mangataka  
Izaho, Tompo ô,  
Noho ny Ranao latsaka,  
Vonoy ny heloko.

### **FIZARANA 2 – PARTIE 2**

**Teksta 2 – Texte 2 : Zef. (Soph.) 1, 14-16 :**

14 Efa antomotra ny Andro lehiben'Ny TOMPO : eny, efa antomotra sady mihafaingana indrindra. Injay, feon'ny Andron'Ny TOMPO ! Ny lehilahy mahery dia mitomany mafy any. 15 Andro fahatezerana izany andro izany, andro fahoriana sy fahalalohovana,

andro fandravana sy fanafoanana, andro maizina sy manjombona, andro mandrahona sy maizim-pito. 16 Andro fahaveloman'ny anjomara sy ny akora hamelezana ny tanàna mimanda sy ny tilikambo avo eny amin'ny zorony.

*14 Le grand Jour de l'Eternel est proche, il est proche, il arrive très vite. Le Jour de l'Eternel fait entendre sa voix et le héros pousse des cris amers. 15 Ce jour est un jour de fureur, un jour de détresse et d'angoisse, un jour de ruine et de destruction, un jour de ténèbres et d'obscurité, un jour de nuages et de brouillard, 16 un jour où retentiront la trompette et les cris de guerre contre les villes fortifiées et les hautes tours.*

### **Fanamarihana 2 – Remarques 2 : Efa akaiky ny Andron'Ny TOMPO - Le jour du SEIGNEUR est proche**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonantsika - *pour nos familles*
- ho an'ny Fiangonana – *pour l'Eglise*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 52, 1 sy (et) 3 : Efa akaiky i Jeso Tompo :**

1. Efa akaiky i Jeso Tompo ilay Mpamonjinao,  
Indro, tamy i Kristy Tompo, avy ho anao.

*Fiverenana :*

*Dia tano mafy tsara izay anananao  
Lova soa, tsara fara, indro, ho anao.*

3. Efa akaiky ny Mpitsara izay hitsara anao.  
I Jeso Kristy raiso tsara mba ho havanao.

### **FIZARANA 3 – PARTIE 3**

### **Teksta 3 – Texte 3 : Zef. (Soph.) 1, 17-18 :**

17 Ary hampahory ny olona Aho, handehanany toy ny jamba, satria efa nanota tamin'Ny TOMPO izy. Ny rany dia haidina toy ny vovoka ary ny nofony ho toy ny zezika.

18 Na ny volafotsiny na ny volamenany dia samy tsy hahavonjy azy amin'ny Andro fahatezeran'Ny TOMPO, fa holevonin'ny afon'ny fahasaro-piarony ny tany rehetra. Fa fahafonganana, eny, fahafonganana tampoka tokoa no hataony amin'ny mponina amin'ny tany.

*17 Je plongerai les hommes dans la détresse et ils marcheront comme des aveugles, parce qu'ils ont péché contre l'Eternel. Leur sang sera versé comme de la poussière et leurs intestins comme du fumier. 18 Ni leur argent ni leur or ne pourront les délivrer, le Jour de la fureur de l'Eternel. Toute la terre sera dévorée par le feu de sa jalousie, car Il détruira - et ce sera terrifiant - tous les habitants de la terre.*

**Fanamarihana 3 – Remarques 3 : Ny fahotana (= tsy fankatoavana Ny TOMPO) no antony mahatonga ny fitsarana – le péché (= la désobéissance au SEIGNEUR) est la cause du jugement**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny mpitandrina – *pour les pasteurs*

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Hira (Cantique) 401, 1 sy (et) 5 : Izaho nivily ka simba ny fo :**

1. Izaho nivily, ka simba ny fo,  
Nafoiko ny lalana tery.  
Izaho nanary ny soa sy to,  
Ka resin'ilay mahavery.
5. Izaho fahiny nahery nandà,  
Tsy nety nifidy ny soa.  
Fa noho ny herin'ny afo sy ra,  
Nanaiky ny foko fa voa.

**FANDRAVONANA – CONCLUSION :**

**Teksta – Texte : Jeremia 4, 16-22 :**

16 Lazaonareo amin'ny firenena, torio amin'i Jerosalema hoe : « Misy mpanao fahirano avy any an-tany lavitra ka manakora hamely ny tanànan'ny Joda. 17 Manodidina azy ireo toy ny fanaon'ny mpiandry saha, fa efa niodina Tamiko izy, hoy Ny TOMPO. 18 Ny alehanao sy ny asanao no nahatonga izany taminao : izany no faharatsiana. Eny, mangidy izany sady mihatra amin'ny ainao ».

*16 Rappelez-le aux nations, faites-le connaître à Jérusalem : « des assaillants viennent d'une terre lointaine, ils font retentir leur voix contre les villes de Juda. 17 Pareils à ceux qui gardent un champ, ils fondent sur Jérusalem de tous côtés, car elle s'est révoltée contre Moi, déclare l'Eternel. 18 Voilà où t'ont amenée ta conduite et tes agissements, voilà ce qui cause ton malheur. Oui, c'est une source d'amertume, cela te va droit au cœur ».*

19 Endrey ny kiboko ! Endrey izany kiboko ! Manaintaina aho. Endrey, mila ho triatra izany foko [Heb. : Endrey ny rindrin'ny foko] ! Mitoloko ny foko ka tsy mahay mangina aho. Fa ny feon'anjomara sy ny akoran'ady dia renao, ry fanahiko. 20 Fandravana mifanontona no ambara. Rava ny tany rehetra, rava tampoka ny laiko. Eny, rava indray mipi-maso monja ny ambain-daiko. 21 Mandra-pahoviana re no mbola hijereko ny faneva sy handrenesako ny feon'anjomara ?

*19 « Mon ventre ! Mon ventre ! Je me tords de douleur, mon coeur vacille, mon cœur frémit, je ne peux pas me taire, car j'entends le son de la trompette, le cri de*

*guerre. 20 On annonce désastre sur désastre, car tout le pays est dévasté. Soudain, mes tentes sont dévastées, mes abris en toile le sont en un instant. 21 Jusqu'à quand verrai-je l'étendard et entendrai-je le son de la trompette » ?*

22 Fa adala ny oloko, Izaho tsy mba fantany. Zaza tsy misy saina izy Sady tsy manam-pahalalana. Raha ny hanao ratsy, dia hendry izy, fa raha ny hanao soa kosa tsy fantany. **22** « C'est que mon peuple est fou, il ne Me connaît pas. Ce sont des enfants stupides, dépourvus d'intelligence. Ils sont habiles pour faire le mal, mais ils ne savent pas faire le bien ».

### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,  
Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !  
*Notre Père qui es aux cieux,  
Que ton Nom soit sanctifié,  
Que ton Règne vienne,  
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.  
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.  
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.  
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous du mal.  
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### **Tso-drano - Bénédiction : Nom. 6, 24-26 :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !  
*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*  
Hampamirapiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !  
*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa Grâce !*  
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !  
*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la Paix !*

### **Fanirahana - Envoi :**

Mandehana amin'ny Fiadanana àry ka manompoa ny Tompontosika amin'ny Fialiana.

### **Fiangonana – Assemblée :**

---

Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Evry-Fitiavana, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, La Réunion, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana

Isaorana anie Andriamanitra - *Allez dans la Paix et servez notre Seigneur dans la Joie.*  
*Gloire soit rendue à Dieu.*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le  
Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**